Sans commentaires…

03 au 14 mars 2013: La XVIème conférence des Parties qui se déroule à Thaïlande inscrit le bois de rose de Madagascar à l'annexe II de la CITES. Cela signifie que des permis sont exigés pour l'importation commerciale et l'exportation ou la réexportation de cette espèce;

17 mai 2013: L'Autorité agroalimentaire et vétérinaire de Singapour publie une circulaire pour informer tous les opérateurs de l'inclusion des nouvelles espèces de faune et de flore dans les annexes de la CITES.

12 juin 2013: L'obligation d'avoir des autorisations entre en vigueur;

Novembre 2013: La société Kong Hoo a engagé la société Jaguar Express Logistics Pte Ltd (JEL) en vue de décharger un navire du bois qu'il contient à son arrivée au Port Jurong, puis pour emballer ce bois dans des conteneurs, ensuite de déplacer les conteneurs au Port PSA pour l'expédition à Hong Kong.

09 janvier 2014: Le directeur général de Kong Hoo accepte les quotations proposées par la société JEL;

12 février 2014: Le chargement des bois sur le MV Oriental Pride est achevé;

15 Février 2014: Le MV Oriental Pride quitte le port de Toamasina pour Singapour;

17-18 février 2014: Des autorités malgaches délivrent différents certificats et autorisations permettant l'exportation des bois de rose par la société;

19 février 2014: Les douanes de Singapour reçoivent un courriel du Regional Intelligence Liaison Office Asia Pacific (RILO AP) de l'Organisation mondiale des douanes (OMD) les informant de surveiller le navire MV Oriental Pride qui est soupçonné de transporter du bois illégalement exporté de Madagascar à Singapour, et de prendre les mesures nécessaires;

26 février 2014: Le secrétariat de la CITES notifie les Etats-parties que le gouvernement de Madagascar avait étendu le quota d'exportation zéro jusqu'au 14 avril 2014. Initialement, il était prévu que le quota d'exportation zéro s'étendait du 13 août 2013 au 14 février 2014;

27 février 2014: Les douanes de Singapour ont transmis le courriel du RILO AP de l'OMD à l'Autorité agroalimentaire et vétérinaire de Singapour (AVA);

28 février 2014: Le navire entre dans les eaux territoriales de Singapour. Le manifeste de cargaison indique que le navire transporte 30 657 rondins de bois de rose. Le port de déchargement déclaré est Singapour;

11 mars 2014: Le MV Oriental Pride amarre au Jurong Port, dans la zone de libre échange du port;

11 mars 2014: Des informations, selon lesquelles le MV Oriental Pride est porteur d'une cargaison illégale de bois en provenance de Madagascar, parviennent à des agents de l'AVA;

12-14 mars 2014: 6 164 rondins de bois de rose ont été déchargés du MV Oriental Pride. Les rondins de bois de rose déchargés et déplacés vers un autre poste d'amarrage;
14 mars 2014: Des agents de l'AVA, dirigée par Mme Lye Fong Keng, directeur adjoint de la section Faune du département des réglementations des exportations de l'AVA, montent à bord du MV Oriental Pride. Leur travail est facilité par les douanes de Singapour qui ont informé le port de l'intention de l'AVA d'inspecter la cargaison. Il est découvert dans la soute du navire des bois de rose déposés en vrac. Les agents de l'AVA procèdent à la saisie des bois de rose découverts en soute et déjà déchargés. Au total, ils dénombrent 29 434 rondins de bois de rose, pesant environ 3 235 tonnes métriques;

Avant le 19 mars 2014: Mme Lye avait été informée, d'abord par une certaine Mme Sabine, puis par un Mr Jean Claude, directeur général du ministère de l'Environnement et des forêts, que les documents présentés comme preuve, et censés émaner des autorités malgaches, n'étaient pas authentiques;

19 mars 2014: Mme Lye envoie un e-mail au directeur général de la compagnie ordonnant le transfert et le stockage des bois dans un endroit situé en dehors de la zone de libre-échange, dans le cadre des investigations de l'AVA, et en attendant la vérification des documents en provenance de Madagascar;

24 mars 2014: Le défendeur envoie à Mme Marie Sabine Dorothée, du ministère de l'Environnement et des forêts, une lettre demandant si les documents délivrés les 17 et 18 février sont authentiques;

28 mars 2014: Le premier défendeur reçoit un e-mail confirmant l'authenticité des documents. La responsable de l'AVA a reçu, en copie, cet e-mail. Face aux réponses contradictoires venant

de Madagascar, les responsables de l'AVA ne sont pas arrivés à trancher sur l'authenticité des documents;

16 avril 2014: Un rapport d'inspection de l'équipe de Double Helix Tracking Technologies Pte Ltd confirme que les bois appartiennent effectivement à l'espèce Dalbergia de Madagascar, espèce faisant partie de l'Annexe II de la Convention sur le commerce des espèces de faune et de flore sauvage menacées d'extinction;

Mai 2014: L'AVA présente les documents d'enquête à l'AGC (Attorney General's Chambers);

03 octobre 2014: Les accusés sont assignés à comparaître;

05 novembre 2014: Première comparution des accusés devant le juge;

04 novembre 2014: Mme Pia Jonsson, officier de soutien à l'application de la CITES, écrit à l'organe de gestion de la CITES de Madagascar pour vérifier l'état de l'enquête menée par la partie malgache. La réponse du gouvernement malgache faisait état d'une avancée de l'enquête;

03-04 décembre 2014 : De hauts fonctionnaires du gouvernement malgache sont venus à Singapour pour résoudre les problèmes.

09 janvier 2015: Le ministre de l'Environnement, de l'écologie et des forêts de Madagascar a confirmé que les documents des 17 et 18 février étaient authentiques;

20 janvier 2015: Un e-mail émanant du ministre de l'Environnement, de l'Ecologie et des forêts de Madagascar, confirme l'authenticité des documents utilisés pour faire sortir les bois du port de Toamasina. La lecture de cet e-mail fera dire à Mme Lye que les documents sont effectivement authentiques;

24 avril 2015: L'accusation informe le juge de district que la charge est modifiée au cours de la conférence préparatoire au procès;

1er juillet 2015: L'accusation dépose l'acte d'accusation modifié;

28 octobre 2015: Le tribunal de district de Singapour prononce la relaxe, équivalant à un acquittement, des accusés. Le procureur fait alors appel du jugement.

19 février 2016: La Cour suprême de Singapour casse le jugement, et ordonne un nouveau procès. Ledit procès est attendu en cette fin de mois d'avril 2016. Des auditions sont prévues…

Sources : todayonline, straitstimes, Chanelnewsasia, mongabay, p6.storage, eia-global

****

DONNES CHIFFREES REVELEES PAR LA CITES

Selon le rapport de la CITES, établi en décembre 2013, ont été saisis en Chine: 20,8 tonnes de rondins de bois de rose, en provenance de Madagascar, en janvier 2014; 110 tonnes en Tanzanie, en février 2014; 2.135 rondins illégaux ont été saisis à Madagascar, en février 2014; six conteneurs remplis de bois de rose en Tanzanie, en mars 2014; 3.372 tonnes de bois de rose saisies à Singapour, en mars 2014; 419 tonnes au Sri Lanka, en avril 2014; 90 tonnes au Mozambique et en octobre 2015, 1.008 tonnes saisis à Hong Kong.

****

LA VERSION EN MALGACHE PARUE DANS LE JOURNAL «*AO RAHA*»

AO Raha

RAHARAHA • FIORANA •

Nailika an-kolaka amin' ny fitantanana ny Fjkm ny mpitandrina Lala Rasendrahasina P3

Zoma 26 February 2016 Lahirana 3135 Vidiny: 200 Ar

FANDALOVANA ANDRAMENA TANY SINGAPOUR

Fantaro ilay raharaham-pitsarana goavana mahavoatonona ny fanjakana malagasy

Ela tamin'ny 24 oktobra 2015 no nivoaka ny didim-pitsarana momba an'ity raharaha nandalovan'ny sambo nitatitra bolabolan'andramena 29 000 mahery tany Singapour ity. Omena antsika mpamaky ao anatina pely roa ireo andalana nisongadina tao amin'ny didim-pitsarana, taorian'ny ahiahin'ny mainam-pahefana tao Singapour amin'ny maha ara-dalana na tsia ny antontan-tanatasin'ireo andramena ireo. Ataka ilay onnasa avy any Singapour sy ny talerny taorian'ity fotoam-pitsarana ity, sarony nivarima indray ny ahiahin'ny Fampanoavana eo anivon'ny Fitsarana ambony any an-toerana, ka nampakatra ny raharaha. Nanjavozavo tampoka ny maha ara-dalana na tsia ny fanondranana ireo andramena avy aty Madagasikara ireo, ka hivarima hiakatra Fitsarana ny raharaha, amin'ny volana avrily 2016 ho'avy izao. P 6-7

Laharan'ny raharaham-pitsarana : DSC- 900104&DSC-900104- 2014
Andro nivoahan'ny didy : 28 oktobra 2015
Tribonaly : Fitsarana ambaratonga voalohany
Mpisolovava : Tan Wen Hsien, Sarah Shi ary i Zhang Hongchuan (Lefitry ny Tonia mpampanoa lalàna) avy amin'ny mpitory : K. Muralidharan Pillai sy Paul Tan (Rajah& Tann Singapore LLP) ary Choo Zheng Xi (Peter Low LLC) avy amin'ny voampanga

28 oktobra 2015,

Ny voampanga voalohany, Wong Wee Keong (Wong), dia tale jeneralin'ny orinasa Kong HOO Pte Ltd (Kong Hoo). Io orinasa io no voampanga faharoa. Ny orinasa Konh Hoo dia enjehina noho ireto vesatra manaraka ireto :

Nanondrana bolabolana andramena miisa 29 434 ny 14 marsa 2014 avy any Madagasikara, karazan-java-boahary tafiditra ao anatin'ny « *annexe II* » ao amin'ny lalàna (CAP 92 A, REV ED) izay mandrara ny fanondrananà tsy nahazoana alalana ny karazan-javaboahary voarara (fanondranana & fanafarana), ary noho izany dia nahavita heloka bevava ianao araka ny ambaran'ny andininy 4(1) ao amin'io lalàna io.

Raha ny mikasika an'i Wong indray, mipetraka ny vesatra anenjehina azy satria ny heloka, na ny fampidirana ireo andramena tsy nahazoana alalana ireo, dia nandalo teo aminy, nahazoana ny fankatoavany ary nifanarahana taminy amin'ny maha tale azy.

Voalaza fa tsy meloka ireo voampanga. Rehefa tapitra ny raharaham-pitsarana, dia hitako fa tsy mitombina ny fanenjehana ireo voampanga roa ireo ka misgraka onitra ireo tsy voampanga.

Kong Hoo, dia orinasa any Singapour . Ny 6 desambra 1961 no nitsangananY ary manana renivola 2 000 000 dôlara. Voatendry ho tale jeneraly i Wong, ny 19 jona 2006, ary mampiasa vola 1 600 000 dôlara ao amin'io orinasa io.

Ireo fototry ny disadisa mikasika ny fahatratrarana ireo bolabolana andramena ireo :

Ny volana febroary 2014 no niainga tao amin'ny seranan-tsambon'i Toamasina, Madagasikara ny sambo MV Oriental Pride. Ny 28 febroary 2014, no tafiditra taro amin'ny fari-dranomasin'i Singapour ny sambo MV Oriental Pride. Teo am-pahatongavana dia nambara fa nitondra bolabolana andramena miisa 30 657 io sambo io ary ny toerana hampidinana ny entana dia ao Singapour.

Niantsona tao amin'ny seranan-tsambon'i Jurong Port Berth J11, tamin'ny 8ora sy sasany, ny Sambo MV Oriental Pride.

Ny androtr'io ihany dia nahazo vaovao ireo manam-pahefana avy ao amin'ny « Agri-Food and Veterinary » na AVA ao Singapour fa mitondra hazo sarobidy tsy ara-dalàna avy any Madagasikara ny sambo MV Oriental Pride.

Miisa 6 164 ny bolabolana andramena nampidinina avy tamin'ny sambo MV Oriental Pride, teo anelanelan'ny 12 marsa sy 14 marsa 2014, ary nafindra tao antokotanin'ny seranana Jurong J16.

Niditra tao anatin'ny sambo MV Oriental Pride ireo manam-pahefana avy ao amin'ny AVA ka nahatratra bolabolana andramena efa voavaha tao anatin'ny kaontenera teny ambony sambo. Nitoso tamin'ny fanagiazana ireo andramena tao anaty sambo sy ireo efa nampidinina niala ny sambo, araka izany, ireo manam-pahefana. Ny isan'ireo voatazotra dia 29 434 ary milanja 3 235 taonina.

Ny laharan'ireo fanomezan-dalana nanondrana ireo andramena avy any Toamasina ireo dia 007 66894 (exh P4A) sy 007 66895 (exh P4B) » ... »

I Singapour dia nanao sonia fitanarahana ara-barotra maneran-tany, ny 28 febroary 1987, izay mandrara ny fanondrananà ireo zava-boahary efa misa lany tamingana. Ny AVA no sampan-draharaha mahefa misahana ny fanajana io fifanarahana iraisam-pirenena io any Singapour, ary ihany koa manam-pahefana miaro ireo zava-boahary lany tamingana ireo, araka ny lalàna (Cap 92A) (ESA) . Raha ny any Madagasikara indray dia ny ministeran'ny Ala sy ny tontolo iainana no misahana izany.

Porofo anenjehana ny voampanga :

Ny 19 Febroary 2014, ny fadin-tseranana ao Singapour dia naharay mailaka ("e-mail") avy tamin'ny « Regional Intelligence Liaison Office Asia Pacific » na ny sampan-draharaham-paritra misahana ny fari-dranomasina Azia sy Pasifika mba hanaovana fisavana sy handraisana fepetra mikasika ny sambo MV Oriental Pride izay ahiana no nanondrana hazo sarobidy an-tsokosoko avy any Madagasikara mankany Singapour

(..)

Ramatoa Lye Fong Keng dia filoha lefitry misahana ny ala ao amin'ny sampan-draharaha misahana ny lalàna mifehy ny fanafarana sy fanondrananà entana avy amin'ny AVA. Ny andraikiny dia ny fanaraha-maso ny fampiharana ny lalàna mifehy ny fanondrananà an-tsokosoko ny zava-boahary tsy eken'ny fiarovana ny fanondrananà sy fivarotana an-tsokosoko ny zava-boahary ahiana ho lany tamingana (CITES) ny fivarotana azy maneran-tany.

29- Nilaza ramatoa Lye fa nandefa mailaka tany amin-dramatoa Sabine Marie Dorothee avy ao amin'ny minisiteran'ny Ala sy ny tontolo iainana (Madagasikara) ilay voampanga ary nangataka azy raha efa nahazo fahazoan-dalana ofisialy avy tamin'ny manam-pahefana mahefa tany Madagasikara ireo bolabolana andramena ireo ary ihany koa nanontany raha tena izy marina ireo antotan-taratasy nomena. Nanamafy ihany koa izy fa naharay ny valin'io « *e-mail* » io ilay voampanga, ny 28 marsa 2014, ary nandefasana dika mitovy tany aminy izany, izay milaza toy izao manaraka izao :

Araka ny fangatahanao fahazoan-dalana, ny taratasy rehetra dia voamarina fa manan-kery ary tena izy ary efa nanome alalana ofisialy an'Andriamatoa Zakaria Soilihi, hanondrana amin'ny fotoana rehetra ny talem-paritra ato amin'ny minisiteran'ny Ala sy ny tontolo iainana.

Na izany fanomezan-dalana ara-dalàna na manokana.

Raha ny marina, tsy tokony hisedra olana ny mpanafatra, satria efa nahazo fahazoan-dalana manokana hanondrana ireo entana ireo i Zakaria Soilihi.

Manome alalana izahay ary manamafy fa ny fanondrananà ireo entana ireo dia efa nahazoana taratasy fahazoan-dalana ofisialy avy tamin'ny tompon'andraikitra mahefa eto Madagasikara.

30- Nanamafy i Lye fa namaly ny « *e-mail* » nalefan'ilay voampanga voalohany izy, izay nilaza fa haka fanazavana misimisy kokoa avy amin'ny manampahefana ao amin'ny fiarovana ny ala any Madagasikara momba ny fanondrananà. Rehefa izany dia nasaina nanome valin-teny izy mikasika ny fahamarinan'ireo taratasy ireo :

Fanontaniana (F) : Nampahafantarin'Andriamatoa Jean Claude, Tale jeneralin' ny ministeran'ny Ala sy ny tontolo iainana any Madagasikara, ianao nialoha ny 19 marsa fa marina avokoa ireo antontan-taratasy D5 ?

Valiny (V) : Eny, marina.
F : Noho izany, nisy fifandraisana teo aminao sy ny fitondrana malagasy ?
V : Marina izany.
F : Nisy koa ny « *"e-mail"* » avy tamin'ny fitondrana malagasy nankany aminao ? Ny « *"e-mail"* » voarainao izao no resahintsika eto.
V : Azafady, ankoatra ilay « *"e-mail"* » avy amin'ny tale jeneraly dia nandefa « *"e-mail"* » tamiko tamin'ny teny Frantsay ihany koa ramatoa Sabine fa tsy marina ireo taratasy ireo.
F : Izany tokoa?
V : Eny .
F : Taloha sa taorian'ny "e-mail" nalefan'i Wong ?
V : Taloha.
F : Izany hoe samy nandefa ramatoa Sabine sy i andriamatoa Jean Claude ?
V : Eny.
F : nilaza fa tsy marina ireo taratasy ireo ?
V : Eny.
F : Taorian'izay dia nandefa "e-mail" Mr Wong ?
V : Eny, marina.
F : 28 marsa 2014 indray isika izao, nolazainao izany i Wong fa mbola mitady fanampim-panazavana ianao, izany hoe mbola tsy afaka milaza ianao izany hatreto na mariña na diso ireo taratasy ireo ?
V : Raha araka ireo valin-teny izay mifanipaka avy any Madagasikara.

31-Nanamaty ramatoa Lye fa nanoratra taratasy tany amin-dRamatoa Pia Johnson, tompon'andraikitra iray misahana ny fiarovana ny fanondranana sy fivarotana an-tsokosoko ny zava-boahary ahiana ho lany tamingana (CITES) ao Genève mba hanara-maso ny famotorana ataon'ny manam-pahefana malagasy. Nanoratra tany amin'ny manam-pahefana malagasy Ramatoa Pia, ny 4 novambra 2014, araka ny fangatahana. Namaly ny fanjakana malagasy fa efa mandeha ny fanadihadiana mahakasika ity andramena tratra ity.

32-Tonga taty Singapour ireo iraka ofisialy avy amin'ny governemanta malagasy teo anelanelan'ny 3 sy 4 desambra 2014 handaŭina ity resaka andramena ity. Taorian'io fifsidihana io dia nandefa "e-mail" ny minisitry ny Ala sy ny tontolo iainana (Malagasy) ny 20 janoary 2015, izay milaza izao manaraka izao :
Araka ny fangatahanareo, te hilaza aho taorian'ny fanamarinana ireo firaiketana an-tsoratra sy ireo antontan-taratasy tahiry ato amin'ny minisiteran'ny Ala sy ny tontolo iainana sy ny ala, dia **hamariniko etoana fa ireo taratasy ireo dia nosoniavin'ireo manam-pahefana nandritra ny fitondrana telezamita. Noho izany, manamarina aho fa tena izy marina ireo taratasy ireo.**
Efa nampahafantarinay, araka izany, ireo manam-pahefana any Singapour mikasika ny andraikitry ny fitondrana malagasy sy ny fanadihadiana hatao .
Ireto ny taratasy nalefanay tamin'ny fanjakana Singapour:
Fanontaniana : Tamin'izay fotoana izay ve izany ianao nahazo fahefana avy tamin'ny fitondrana malagasy, izay nandefa solontena ny 3 sy 4 desambra 2014 ? Izany hoe raha ny hevitrao dia tena izy ireo taratasy ireo ?
Valiny : Araka ny voalazan'ny minisitera.
F : Azonao averina ve azafady ?
V : Araka ny taratasy navoakan'ny ministera, eny.
Nanamafy izany izy fa nampahafantatra an'ny AVA, ilay voampanga voalohany, fa malalaka ny fitondrana ireo bolabolana andramena ireo tao anatin'ny sambo ary havoaka ka hampidirina anaty kaontenera indray rehefa tonga ao Singapour mialoha ny handefasana azy any Hong Kong . Na izany aza, nanambara Ramatoa Lye fa tsy te hampahafantatra ny momba ilay mpividy i Mr Wong.

(...)
Inona no anton'ny nitondrana ireo andramena ireo tany Singapour ?
47-Ramatoa Lye, feboka iray farany, raha atao ary hoe any Hong Kong no andefasana ireo andramena ireo araka ny fanazavan'i Wong.
Fanontaniana : Tokony ilaina ve ny taratasy fahazoan-dalana avy amin'ny AVA mialoha ny hialan'ireo ao Singapour ?
Valiny : Tena izay mihitsy.
F : Afaka manazava ve ianao ?
V : Satria orinasa eto an-toerana (Mizaka ny zom-pirenena ao Singapour) ity orinasa ity, araka ny nambarako tany aloha, ireo taratasy fanomezan-dalana hanondrana ireo entana ireo dia nalefa tamin'ny AVA ho solon'ny famazahan'ny AVA indray fahazoan-dalana hafa. Raha tsy izany, raha tokony hangataka taratasy fahazoan-dalana hanondrana ho any Hong Kong Andriamatoa Wong, dia mila mangataka fahazoan-dalana indray avy aminay satria izy dia orinasa eto Singapour ary any Hong Kong no andefasana.
(...)
64-Andro vitsy taorian'ny fahatrarana ireo, naneho ireo taratasy fahazoan-dalana manondrana andramena ireo voampanga. **Tany am-boalohany dia nampahafantarin'i Madagasikara ny AVA fa tsy mitombina ireo taratasy ireo.** Ny 24 Marsa 2014, nanoratra tany amin'i Sabine avy ao amin'ny ministeran'ny Ala sy tontolo iainana ilay voampanga nanamarina ny tena fisian'ireo taratasy ireo ary nanontany raha toa ka nahazo alalana ny fanondranana. Nalefa dika mitovy tany amin-dramatoa Lye io "e-mail" io.
65-Ny 28 marsa 2014, naharay valina "e-mail" fa marina ny fisian'ireo taratasy ireo ary i Zakaria Sohili dia nahazo fahazoan-dalana ofisialy fa **afaka manondrana entana amin'ny fotoana rehetra na amin'ny fomba ara-dalàna izany na manokana.** Tamin'io andro io ihany dia nampahafantatra an'ilay voampanga ny AVA fa hitady fanampim-panazavana bebe kokoa avy amin'ny manam-pahefana malagasy izy.
66-Ny 3 sy 4 desambra 2014, tonga tany Singapour ny iraka ofisialy avy tany Madagasikara. Ny 9 janoary 2015, nanamarina ny minisitry ny Ala sy ny tontolo iainana an'i Madagasikara fa marina sy mitombina ireo taratasy ireo.
(...)
70- Fehiny , tsy misy porofo manamarina fa Singapour no toerana hanondranana ireo andramena ireo. Araka izany, tsy nifàna fanomezan-dalana io ka afaka madio-dio ireo voampanga.

NAOTIN'NY FANORATANA :

NIVOAKA IO DIDIM-PITSARANA TANY SINGAPOUR IO NANAFAKA AN'ILAY ORINASA SY NY TALE JENERALY, VOALAZA FA TOMPON'IREO ANDRAMENA AVY ATY MADAGASIKARA. NAHATSAPA TRANGA HAFAHAFA (NY MAHA ARA-DALÀNA NA TSIA TOKOA NY FANONDRANANA AN'IREO ANDRAMENA IREO) INDRAY ANEFA NY FAMPANOAVANA EO ANIVON'NY FITSARANA AMBONY TAO SINGAPOUR, KA NAMPAKATRA NY RAHARAHA INDRAY AMIN'NY VOLANA AVRILY 2016 HO AVY IZAO NO HATAO NY RAHARAHAM-PITSARANA.